

# NY TOETR'ANDRO ETO MADAGASIKARA

## I- NY MARIPANA, NY ROTSAK'ORANA SY NY FIZARAN-TAONA

1- Tspio mena eo amin'ny saritany ny **zana-pehitany Adijady** (Tropique du Capricorne).

Noho io toerana misy azy io dia manana **toetr'andro Tropikaly** i Madagasikara. Mafana mandritra ny taona.

2- Mafana sy manorana ny andro eto Madagasikara **manomboka ny volana oktobra ka hatramin'ny volana aprily**. Io no atao hoe **asara** na **fahavaratra**. **Lava ny andro** ary **fohy ny alina** amin'io fizaran-taona io.

Mafana kokoa any Andrefana (28°C eo ho eo) noho ny any Atsinanana. Mangatsiaka kokoa ny any afovoan-tany sy ny any amin'ireo toerana avo noho ny any amorontsiraka.

Ny Alize dia rivotra mitsoka avy any amin'ny Ranomasimbe Indianina. Io rivotra io dia mitsoka avy any atsimo andrefana mankany avaratra andrefana.

Mitondra rahona matevina sy mando ny Alize. Noho izany manorana mandavan-taona ny faritra atsinanan'i Madagasikara.

Kelikely kokoa **ny rotsak'orana** any amin'ny faritra andrefana sy atsimo.

Any amin'ny faritra avaratra andrefana dia betsaka ny orana nohon'ny fisian'ny **rivotra varatraza (mousson)**.

3- Mangatsiatsiaka sy maina ny andro **manomboka ny volana may ka hatramin'ny volana Septambra**. **Fohy ny andro amin'io fizaran-taona io**.

Mangatsiaka kokoa ny faritra afovoan'i Madagasikara noho ny any amin'ny amorontsiraka atsinanana. Mihena ny maripana ary maina ny morontsiraka andrefana.

	A	S	O	N	D	J	F	M	A	M	J	J	A	S
	<b>Fizaran-taona mafana sady manorana</b>							<b>Fizaran-taona mangatsiaka sy maina</b>						
Morontsiraka atsinanana	Mafana sady manorana							Mangatsiatsiaka sady be orana						
Morontsika Andrefana	Mafana sady manorana							Mangatsiatsiaka sady maina						
Toerana avo	Mafana sady manorana							Mangatsiatsiaka sady maina						

## II- IREO KARAZANA TOETR'ANDRO ETO MADAGASIKARA

**Ny faritra atsinanana** : ny rivotra Alize no mitsoka avy any amin'ny Ranomasimbe Indianina mankany avaratra andrefana. Mitondra rahona matevina sy mando izy io ka mahatonga ny faritra atsinanana ho be orana.

**Ny faritra avaratra andrefana** : ny rivotra varatraza no mitsoka ka mahatonga ny rotsak'orana ho maro amin'ny fahavaratra (asara).

**Ny faritra andrefana sy atsimo** : Kely ny rotsak'orana any amin'ireo faritra ireo.

Misy ny rivotra Talio : avy any atsimo andrefana mankany avaratra atsinanana

**Ny faritra afovoany** : antonony ny rotsak'orana.

### Mizara efatra lehibe ny toetr'andro eto Madagasikara :

#### 1- Ny faritra manana toetr'andro mando be sady mafana (Climat tropical humide)

Mafana sady betsaka ny rotsak'orana any amin'ny faritra atsinanana:

- Ny volana septambra ka hatramin'ny volana desambra dia mafana sy kely ny rotsak'orana : mafana sy manorana kely.
- Manomboka ny volana janoary ka hatramin'ny volana aprily dia betsaka ny rotsak'orana. Mafana sady avy be ny orana.

#### 2- Ny faritra manana toetr'andro tsy mando loatra sady mafana (Climat tropical semi-humide)

Manana fizaran-taona roa ny faritra andrefan'i Madagasikara :

- Ny fizaran-taona mafana sy maina dia ny volana may ka hatramin'ny volana novambra. Lavalava kokoa ny fotoana tsy misy orana.
- Ny fizaran-taona mafana sady manorana dia ny volana novambra ka hatramin'ny volana aprily.

#### 3- Ny faritra Tropikaly faritra avo toerana.

Manana maripana mangatsiaka io faritra io amin'ny volana may ka hatramin'ny volana aogositra na septambra, noho izy avo toerana (manomboka ny haavo 700m). Mafana ny andro rehefa manorana. Antonony ny rotsak'orana.

#### 4- Ny faritra Tropikaly maina any atsimo.

Kely ny rotsak'orana ary mafana ny andro.

## Fanontaniana

- 1- Araho ny saritany ary lokoy :
  - Maitso antitra ny faritra atsinanana sy ny avaratra andrefana ; maitso tanora ny faritra afovoany, volomboasary ny faritra andrefana ary mavo ny faritra atsimo.
- 2- Omeo ny karazana toetr'andro misy eto Madagasikara sy ny faritra misy azy.
- 3- Iza avy ireo rivotra mitsoka eto Madagasikara ary lazao ny lalany sy ny faritra misy azy.
- 4- Inona ireo fizaran-taona misy eto Madagasikara. Lazao ny volana.
- 5- Soraty eo amin'ny saritany ny anaran'ireo tanan-dehibe eto Madagasikara.
- 6- Omeo ny volana ao anatin'ny taona.
- 7- Ataovy an-tsary ny vazantany efatra(les points cardinaux).
- 8- Alamino ireto teny ireto ho tonga fehezanteny.
  - ny bibilava mandady mavo moramora.
  - milomano mena ny trondro.
  - tsara ny zazakely eo ambony matory fandriana.
  - seza mipetraka eo ambony izy.
  - eo am-baravarana mitsangana i Lita.
  - mahafinaritra aho mamaky boky.
  - ao anaty harona ny akohokely mitsambikina.
  - feo mahay tsara izy mihira sady.
  - Maraina rehefa aho mifoha mianatra.
  - mahay mafy miazakazaka i Mendrika.
  - dite mafana misy misotro siramamy sy ronono aho.
  - misakafo i Niry maraina izao.
  - Fahitalavitra rehefa mijery i Neny sy i Bary hariva.